TATITRY NY FILAN-KEVITRY

NY MINISITRA

Talata 03 novambra 2026 - Lapam-panjakana Iavoloha

I. FAMPITANA AM-BAVA

MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fivorian'ny Minisitra mandritra ny Vaomiera iraisana misahana ny fifandraisana roa lafy eo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fanjakan'i Maraoka, andiany faharoa.

MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY + MINISITERAN'NY FOLOALINDAHY + MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBARATONGA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANSA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fankatoavana ny fifanarahana iraisam-pirenena mandrara ny fitaovam-piadiana nokleary *(TIAN)*.

MINISITERAN'NY FITSARANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fandraisana an-tanana ara-bola sy fahazoan-dalana hampiasa ny fomba fifanarahana mivantana *(gré à gré)* amin'ny fametrahana fitaovana fanaraha-maso amin'ny alalan'ny fakantsary ao amin'ny fonja misy fiarovana manokana ao Tsiafahy, ary amin'ny fanarenana maika ireo fitaovana fanaraha-maso efa misy saingy misy fahasimbana ao amin'ny fonjaben'Antanimora, Avaradrano, Manjakandriana ary fonja misy fiarovana manokana ao Imerintsiatosika.

MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanehoana ny drafi-pirenena mikasika ny fiomanana, ny fialohavana ny fiatrehana ny El nino.

MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny tetikasa Teleferika an'Antananarivo *(TPC)* : Fangatahana fanafoanana ny trosa sy sara izay mifandraika aminy, ary ny ambim-bola tsy nampiasaina tamin'ny fampindramam-bola niaraka tamin'ny *Société Générale* sy *BPI France*.
- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana handoavana ny haba sy hetra amin'ny fanafarana entana.
- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny famatsiam-bola ilaina amin'ny famaranana ny Tetikasa momba ny Fitantanana Tsara amin'ny alalan'ny Teiknôlôjia Dizitaly sy ny Fitantanana ny Mombamomba ny Olona *(PRODIGY)*, izay vatsin'ny Banky Iraisampirenena vola.

MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanamafisana ny fepetra ara-pahasalamana eny amin'ny sisin-tany, ho fisorohana ny fidiran'ny aretina Ebola eto Madagaikara.

MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fangatahana fankatoavana ny Taratasy Fifanarahana sy ny Harifenitra fampiharana ny Fifanarahana ho an'ny taom-piasana 2026 eo amin'ny Governemantan'ny Fanavaozana ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Foibe Famatsiam-panafody SALAMA.

MINISITERAN'NY FAMPIANARANA TEKINIKA SY FANOFANANA ARAKA ASA + MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBARATONGA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANSA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fampirosoana herinandro iray ny daty hanombohan'ny fotoam-panadinana *Baccalauréat Professionnel* sy *Technologique* – taona 2027.

MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FAHALEOVANTENA ARA-TSAKAFO

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fivorian'ny mpikambana eo anivon'ny Sehatra Fandrindrana Ara-paikady ny Fampandrosoana ny Eny Ambanivohitra *(PCS-DR)*, ny faha 23 novambra 2026 ao amin'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fandraisana fepetra eo anivon'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fahavitan-tena Ara-tsakafo *(MiASA)* mikasika ny fangalarana kojakojan'ny fiaram-panjakana sy fanohizana ny raharaham-pitsarana mifandraika aminy.

MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FAHALEOVANTENA ARA-TSAKAFO + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fandraisan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola *(MEF)* an-tanana ny hetra amin'ny vola miditra avy amin'ny tsenam-barotra *(IRM)* mifandraika amin'ny fanatanterahana ny Tetikasa fampiroboroboana ny fotodrafitrasa sy ny fampitaovana ara-mekanika ilaina amin'ny famokarana masomboly vary eto Madagasikara.

MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY FAMPIVELARANANA NY SEHATRA TSY MIANKINA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fankatoavana ny fanofam-pitantanana ny ivon-toeram-pambolena sy fanodinana siramamy ao Betsipotika, Kaominina Analaiva, Distrikan'i Morondava, Faritra Menabe, an'ny orinasa SIRANALA S.A, mba hamerenana indray ny asa famokarany siramamy.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny tatitra momba ny toe-draharahan'ny tetikasa *One District, One Factory (ODOF).*

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny tatitra mikasika ny fifanaraham-piaraha-miasa tamin'ny 1 oktobra 2015 izay nifanaovan'ny orinasa SIRAMA S.A sy ny Kaompania *VIDZAR* sy ny fifanaraham-panofana tany maharitra laharana faha 433 tamin'ny 8 septambra 2016 teo amin'ny orinasa SIRAMA S.A sy ny orinasa *SASM S.A.*

MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY FAMPIVELARANANA NY SEHATRA TSY MIANKINA + MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY + MINISITERAN'NY FITSARANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanaovan-tsonia taratasy fikasana ho an'ny fifanarahana momba ny fanamarihana ireo zava-noforonina eoropeanina.

MINISITERAN'NY VAROTRA SY NY FANJIFANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny tatitry ny taom-panondranana lavanila 2025-2026, fanapahan-kevitry ny Filan-kevi-pitantanan'ny *AVM* sy fanokafana ny taom-panondranana 2026-2027.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny Fihaonam-be nasiônaly momba ny Letisia 2026.

MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fampitsaharana ny fizotry ny fampitsaharana ara-barotra ny orinasam-panjakana *"Reseau National des Chemins de Fer Malagasy" (SE RNCFM).*

MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanamafisana sy ny fanitarana ny fahafaha-mitahiry ny vokatra azo avy amin'ny akoran'afo eto amin'ny firenena.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava anavaozana ny fahazoan-dalana hitatitra akoranafo an-dalambe ho an'ny orinasa *"Galana Distribution Petrolière".*

MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana handraisan'ny Fanjakana antanana ny fandaniana nambaran'ny Banky Afrikanina ho an'ny Fampandrosoana *(BAD)* fa tsy azo ekena hovatsin'ny famatsiam-bolany, ao anatin'ny fanatanterahana ny Tetikasa *PRIRTEM I.* Trosa navelan'ny Fitondrana teo aloha tamin'ny taona 2019 izy io kanefa tsy azon'ny Banky Afrikanina ho an'ny Fampandrosoana (BAD) aloa.

MINISITERAN'NY FIZAHANTANY SY NY ASATANANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fampahafantarana ny vokatry ny iraka nataon'ny Minisitry ny Fizahantany sy ny Asatanana tany amin'ny *Salon Arabian Travel Market (ATM) 2026* tany *Dubaï.*

MINISITERAN'NY RANO, NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fangatahana fandraisana an-tanana ny fitsidihana ara-piasan'ny delegasiônina ejipsianina eto Madagasikara, ao anatin'ny fanatanterahana ny Harifenitry ny Fifanarahana Madagasikara-Ejipta momba ny fiaraha-miasa eo amin'ny sehatry ny fitantanana maharitra ny loharanon-drano.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fangatahana fandraisana an-tanana ny saran'ny fitahirizana mifandraika amin'ireo fanomezana natolotry ny Governemanta japoney ao anatin'ny *PDES* 2022.

MINISITERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanokafana ny fandraisana ny Antontan-taratasy hahazoana Fanamarinana ny Fahaiza-manao sy Traikefa (FFT/*VAE*) eo anivon'ny Akademia Nasiônaly an'ny Zavakanto sy ny Kolontsaina ho an'ny Mpikabary.

MINISITERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fanohanana ny tetikasa famaranana ny asa ao amin'ny Lapan'i MANAMPISOA, ao amin'ny Rovan'Antananarivo.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fanohanana ny tetikasa fanarenana sy fanavaozana ny Tranoben'ny Serasera sy ny Kolontsaina ao Ambositra.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fanohanana ny tetikasa fanarenana sy fanavaozana ny Tranoben'ny Serasera sy ny Kolontsaina ao Ambovombe.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanohanana ny tetikasa fanarenana sy fiarovana ny Rovan'Ambohidratrimo taorian'ny fahamaizany tamin'ny 26 aprily 2026.

II. FANDRAISANA DIDY AMAN-DALANA

MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nolanina ny didim-panjakana manendry ireo mpikambana vaovao ao amin'ny Filankevi-pitantanan'ny Manamahefa Mpandrindra ny Tsenam-baro-panjakana.

- Nolanina ny didim-panjakana manova sy mameno ny fepetra sasantsasany ao amin'ny Didim-panjakana laharana faha 98-290 tamin'ny 2 aprily 1998, izay mametra ny satan'ny Ivon-toeram-pirenena momba ny Antontan'isa *(INSTAT)*.

MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO

- Nolanina ny didim-panjakana manamarina ny fanendrena ireo mpikambana telo voalohany ao amin'ny Kolejin'ny Kaomisera eo anivon'ny Manampahefana Mpandrindra ny Sehatry ny Herinaratra *(ARELEC)*.

- Nolanina ny didim-panjakana manao taky baiko ny Orinasa Jiro sy Rano Malagasy (JIRAMA) mba hanao sonia fifanarahana fividianana mivantana milina mpihary herinaratra mandeha amin'ny gazoala manana tanjaka 18 *MW* sy vata mpanova herinaratra amin'ny orinasa *TWCM HOLDING CO. LTD.*

- Nolanina ny didim-panjakana momba ny fakana an-keriny ara-dalàna sy ny famindrana ireo mpanova herinaratra an'ny "Madagascar Utilities" ao Ambohimanambola ho any amin'ny toby famokarana herinaratry ny JIRAMA ao Toamasina, mba hiantohana ny fitohizan'ny asam-panjakana amin'ny famatsiana herinaratra.

- Nolanina ny didim-panjakana mamaritra ny fomba fitantanana ny Kaonty Manokana *(CAS)* mitondra ny lohateny hoe : «Fampandrosoana ny Sehatry ny Solika any amin'ny dingana farany» *(Developpement du Secteur Pétrolier Aval)*, amin'ny anaran'ny Fitaleavana Jeneraly miadidy ny Akoranafo, eo anivon'ny Minisiteran'ny Angovo sy ny Akoranafo.

- Nolanina ny didim-panjakana mamaritra ny fepetra fampiharana ny andininy faha-34 amin'ny Lalàna laharana faha 2017-020 tamin'ny 10 aprily 2018 sy mametra ny fepetra maika horaisina mba hiantohana ny fitohizan'ny asa fanompoana ny daholobe momba ny famatsiana herinaratra.

III. FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa NIRINIAVISOA MARCEDA Amielle Pelenne** ho Tale Jeneraly misahana ny Fiaraha-miasa Iraisampirenena eo anivon'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa SOJARISON Tahiriniaina Juliano** ho Sekretera Jeneraly eo anivon'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa Hery Harison Jean Luc** ho Kaonsily Jeneraly eo anivon'ny Biraon'ny Kaonsily Jeneralin'i Madagasikara ao Marseille, Frantsa.

MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RANDRIAMANANTENA Alson Christophe Florent** ho Tale misahana ny raharaha aram-pitantanana sy ara-bola eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAVONIMANANTSOA Danà Maminiaina** ho Tale misahana ny Ady amin'ny Kolikoly eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RANDRIAMANANTSOA Nivo Fanjamalala Baondramby** ho Talem-paritry ny Hetra ao Anôsy.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RAKOTOSON Raharizafy Nahary** ho Talem-paritry ny Hetra ao Vakinankaratra.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RATOVONASY Ndremihaja** ho Talem-paritry ny Hetra ao Menabe.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RAHOLINIRINA Vololona** ho Talem-paritry ny Hetra ao Itasy.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAKAMIARSON Stéphania** ho Talem-paritry ny Hetra ao Sofia.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAHOBINARIVO Tampina Harris** ho Talem-paritry ny Hetra ao Diana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RAMIANDRISOA Vololonihaja** ho Talem-paritry ny Hetra ao Sava.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAKOTONIRINA Jean Samuel** ho Talem-paritry ny Hetra ao Matsiatra Ambony.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RANDRIANARISON Mamy** ho Talem-paritry ny Hetra ao Alaotra Mangoro.

MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY RAHARAHAN-TANY

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-1062 tamin'ny
  2 mey 2024 ary manendry an'**Andriamatoa RABEMANDIMBY Nanthony Georges** ho Talem-paritry ny Fanajariana ny Tany sy ny Raharahan-tany eo anivon'ny Faritra Atsinanana.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-036 tamin'ny
  8 janoary 2026 ary manendry an'**Andriamatoa RAJOSOANIRINA Fidisoa** ho Talen'ny Fitondran-draharaha sy ny Fitantanam-bola eo anivon'ny Vondrom-pirenena ho Tantsoroka amin'ny Trano Fonenana sy ny Toeram-ponenana *(Agence Nationale d'Appui au Logement et à l'Habitat – ANALOGH).*

MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1312 tamin'ny 19 novambra 2025 ary manendry an'**Andriamatoa SOANDRO ROBERSON Daniel** ho Tale misahana ny Maha-olona eo anivon'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena.

MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY FAMPIVELARANA NY SEHATRA TSY MIANKINA

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa SAIDSON Jean Roger** ho Tale misahana ny Fitantanam-bola eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana ny Indostria sy ny Fampivelarana ny Sehatra tsy Miankina.

MINISITERAN'NY MPONINA SY NY FIRAISANKINA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-556 tamin'ny 5 febroary 2026 ary manendry an'**Andriamatoa RAFANOMEZANTSOA Joyce Standhal** ho Talem-paritry ny Mponina sy ny Firaisankina ao Vatovavy eo anivon'ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Firaisankina.

MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-211 tamin'ny 26 febroary 2025 ary manendry an'**Andriamatoa RANDRIANASOLO Safidy Tiavina David** ho Talem-paritry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena *(DRJS)* ao Analamanga.

IV. FANAFOANANA FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBARATONGA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANSA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana amin'ny ampahany ny didim-panjakana laharana faha 2025-426 tamin'ny 16 aprily 2025 ny amin' izay mikasika ny fanendrena ny Filohan'ny Oniversiten'Antsiranana.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana amin'ny ampahany ny didim-panjakana laharana faha 2025-605 tamin'ny 04 jona 2025 ny amin' izay mikasika ny fanendrena ny talen'ny ENSET ao amin'ny Oniversiten'Antsiranana.

MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1203 tamin'ny 05 mey 2025 nanendry ny Talem-paritry ny Fanabeazam-pirenena ao Itasy.

MINISITERAN'NY FAMPIANARANA TEKINIKA SY FANOFANANA ARAKA ASA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-514 tamin'ny 6 martsa 2024 nanendry ny Tale misahana ny Fanadinam-panjakana eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampianarana Tekinika sy Fanofanana Araka Asa.

Antananarivo, 03 novambra 2026,

Rahajason Harry Laurent
Talen'ny Serasera
eto anivon'ny Fiadidiana ny Fanavaozana ny Repoblika